Fiteny grika

Fiteny grika *Ελληνικά* (elliniká)	
Isan'ny mpiteny	15 tapitrisa
Faritany	Grisy, Endrika:Kipra, Aostralia ; Teny ofisialy
Sata	▪ Grisy ▪ Endrika:Kipra ▪ Vondrona Eoropeana

Ny **fiteny grika** dia fiteny indo-eoropeanina. Izy no fiteny ofisialy ao Grisy sy Kipra. Ny toerana nitenenana io fiteny io voalohany dia tao Grisy sy tao amin'ny morontsirak'i Azia Minora, ary tao amin'ny faritra atsimon'i Italia. Nisy fotoana nampiasana ny fiteny grika ihany koa tao Azia Andrefana sy tao Afrika Avaratra. Ny anaran'ny fiteny grika amin'ny teny grika dia *Ελληνικά* (elliniká).

Mampiasa ny abidy grika ny Grika rehefa manoratra ny teniny. Avy amin'ny abidy grika ny abidy latina izay anoratana ny teny malagasy sy ny teny frantsay ary ny ankamaroan'ny teny eoropeanina tandrefana. Abidy hafa maro ihany koa no avy amin'ny abidy grika toy ny abidy sirilika. Io abidy grika io kosa dia avy amin'ny abidy fenisianina.

Ny fiteny grika dia manana tantara an-tsoratra tsy tapaka nandritry ny telo arivo taona. Izany dia maharitra kokoa noho ny teny indo-eoropeana tenenina ankehitriny. Mizara telo toko izany tantara izany: grika taloha, grika tamin'ny Andro Antenantenany, ary ny grika ankehitriny. Ny grikan'ny fotoana anelanelan'ny taona 330 sy 1453 dia antsoina hoe grika tamin'ny Andro Antenantenany izay nanjakan'i Empira Bizantina.

Ankehitriny dia eo amin'ny 15 tapitrisa eo ho eo no olona miteny grika. Ao Grisy sy Kipra (na Kiprosy) no misy ny ankamaroan'izy ireo. Misy ihany koa ny olona miteny grika any amin'ny firenena maro. Ny anton'izany dia ny fifindra-monin'ireo mpiteny grika. Maro dia maro ireo Grika lasa nifindra monina tany Aostralia.

Jereo koa

- Fiteny indo-eoropeanina
- Abidy grika

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_grika&oldid=971672"

Voaova farany tamin'ny 24 Jiona 2019 amin'ny 16:02 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.